

FAMPITAM-BAOVAO

Antananarivo 14 novambra 2017

Nanatanteraka fanaovan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa androany tetsy amin'ny foiben-toran'ny CENI tetsy Alarobia ny Vaomieram-pirenena Mahaleo tena misahana ny fifidianana (CENI) sy ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena (MJS). Tafiditra ao anatin'ny fanentanana sy fanabeazana ara-pifidianana ity fiaraha-miasa ity ho entina hampandraisana andraikitra ireo tanora Malagasy amin'ny zotram-pifidianana.

Ity fanaovan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa ity moa dia tafiditra tanteraka ao anatin'ny drafitr'asan'ny CENI 2016-2021 mba hampandraisana anjara ireo tanora ao amin'ny raharaham-pifidianana. Ireo tanora izay hita fa mbola marisarisa amin'ny fisoratana anarana anaty lisi-pifidianana. Voamarina izany araka ny valim-pitsirihana nataon'ny Vondrona iraisam-pirenena miteny amin'ny ampahany na manontolo ny teny frantsay (OIF) izay naneho fa vitsy an'isa ireo mpifidy latsaky ny 35 taona voasoratra anarana anaty lisi-pifidianana. Nataon'ny CENI ho isan'ny vahin-dohan-draharaha noho izany ireo tanora. Mamaly ihany koa ny soso-kevitra izay naroson'ny OIF ity fanaovan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa ity izay nametraka fa ilaina "ny mandray fepetra fanentanana mba hanatsarana ny fisoratana anaran'ireo vehivavy sy tanora ao anaty lisi-pifidianana mandritra ny RALE".

Ao anatin'ny tanjon'ity fanaovan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa ity araka izany ny hampandraisana anjara ireo tanora ao anaty zotram-pifidianana (mialoha, mandritra ary aorian'ny fifidianana), ny hanofanana ny tanora amin'ny fanabeazana ara-pifidianana, ny hampahatonga saina azy ireo amin'ny fandraisana anjara amin'ny dingan'ny zotram-pifidianana, ny fampahafantarana azy ireo ny zony sy ny adidiny ara-pifidianana, ny fanentanana azy ireo amin'ny fisorohana ny korontana aorian'ny fifidianana sy hanamafisany hatrany ny filaminana, mba hampanjakana ny demokrasia sy ny tany tan-dalàna, ny fanentanana azy ireo amin'ny latsa-bato omban'andraikitra.

Aorian'ity fanaovan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa ity, hanome tanana ny CENI ireo tanora mpanabe olon-tsahala eo anivon'ny MJS (Jeunes Pairs Educateurs) amin'ireo asa fanentanana amin'ny RALE 2017-2018 izay hosokafana amin'ny fomba ofisialy any Mahajanga. Marihina fa ity RALE ity no farany mialohan'ny fifidianana amin'ny 2018.